

<p style="text-align: center;"><b>REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA</b></p> <p style="text-align: center;"><i>Tanindrazana – Fahafahana –Fandrosoana</i></p> <p style="text-align: center;"><b>MINISTERE DE LA JUSTICE</b></p> <p style="text-align: center;"><b>DECRET N° 2005-151</b></p> <p style="text-align: center;"><b>fixant les conditions d'application</b></p> <p style="text-align: center;"><b>de la loi n° 2003-036 du 30 janvier 2004</b></p> <p style="text-align: center;"><b>sur les Sociétés commerciales</b></p> <p style="text-align: center;"><b>LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT</b></p>	<p style="text-align: center;"><b>REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA</b></p> <p style="text-align: center;"><i>Tanindrazana – Fahafahana –Fandrosoana</i></p> <p style="text-align: center;"><b>MINISTERAN'NY FITSARANA</b></p> <p style="text-align: center;"><b>DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 2005-151</b></p> <p style="text-align: center;"><b>mametra ny fombafomba fampiharana ny lalàna</b></p> <p style="text-align: center;"><b>laharana faha 2003-036 tamin'ny 30 janoary 2004</b></p> <p style="text-align: center;"><b>momba ny fikambanam-barotra.</b></p> <p style="text-align: center;"><b>NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA</b></p>
<p>Vu la Constitution,</p> <p>Vu la Loi n°2004-036 du 30 janvier 2004 sur les Sociétés Commerciales,</p> <p>Vu le Décret n°2003-007 du 12 janvier 2003 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,</p> <p>Vu le Décret n°2003-008 du 16 janvier 2003 modifié par le Décret n°2004-001 du 5 janvier 2004, n°2004-680 du 5 juillet 2004, n°2004-1076 du 7 décembre 2004 et n°2005-144 du 17 mars 2005 portant remaniement de la composition des membres du Gouvernement,</p> <p>Vu le Décret n°2004 453 du 6 avril 2004 fixant les conditions d'application de la loi n° 2003-036 du 30 janvier 2004 sur les sociétés commerciales</p> <p style="text-align: center;">Sur Proposition du Ministre de la Justice, Garde des Sceaux,</p> <p style="text-align: center;">En Conseil de gouvernement</p> <p>DECRETE :</p>	<p>Araka ny Lalampanorenana,</p> <p style="text-align: center;">Araka ny lalàna laharana faha-2004 - 036 tamin'ny 30 janoary 2004 momba ny fikambanam-barotra,</p> <p>Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003 - 007 tamin'ny 12 janoary 2003 manendry ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta,</p> <p>Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003-008 tamin'ny 16 janoary 2003 novan'ny didim-panjakana laharana faha-2004 -001 tamin'ny 5 janoary 2004, laharana faha-2004-680 tamin'ny 5 jolay 2004, laharana faha-2004-1076 tamin'ny 7 desambra 2004 ary laharana faha-2005-144 tamin'ny 17 martsa 2005 manendry ny mambra ao amin'ny Governemanta,</p> <p>Araka ny didim-panjakana laharana faha-2004-453 tamin'ny 06 aprily 2004 mametra ny fombafomba fampiharana ny lalàna</p>

	<p>laharana faha 2003-036 tamin'ny 30 janoary 2004 momba ny fikambanam-barotra.</p> <p>Araka ny tolo-kevitra ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Ministry ny Fitsarana.</p> <p>Eo am-pivoriana ny Governemanta.</p> <p>DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO :</p>
<p><b>Article premier</b> – Les articles 17, 25 et 27 du décret n° 2004-453 du 06 avril 2004 fixant les conditions d'application de la loi n° 2006-036 du 30 janvier 2004 sur les Sociétés commerciales sont modifiés comme suit :</p>	<p><b>Andinininy voalohany</b> .- Ny andinininy faha-17, 25 ary 27 ao amin'ny didim-panjakana laharana faha-2004-453 tamin'ny 06 aprily 2004 mametra ny fombafomba fampiharana ny lalana laharana faha 2003-036 tamin'ny 30 janoary 2004 momba ny fikambanam-barotra dia ovàna toy izao manaraka izao :</p>
<p><b>Article 17 (nouveau)</b> : Le capital social de la société à responsabilité limitée prévu à l'article 327 de la loi sur les sociétés commerciales ne doit pas être inférieur à deux millions Ariary (2.000.000 Ar), si la société compte plusieurs associés.</p> <p>Il ne doit être inférieur à un million Ariary (1.000.000 Ar) si la société est unipersonnelle.</p> <p>La valeur nominale des parts sociales est de vingt mille ariary (20.000 Ar)</p>	<p><b>And.17 (vaovao)</b> – Ny renivolam-pikambanan'ny fikambanam-barotra misahana andraikitra voafetra voatondron'ny andinininy faha-327 ao amin'ny lalana mifehy ny Fikambanam-barotra dia tsy tokony ho latsaky ny roa tapitrisa ariary na 2 000 000 Ariary raha toa ka manana mpiombon'antoka maromaro ny fikambanana.</p> <p>Tsy tokony ho latsaky ny iray tapitrisa ariary na 1 000 000 Ariary izy io raha toa ilay fikambanana ka an-tanan'olon-tokana irery ihany.</p> <p>Ny tetimbidy isam-betin'ny anjaram-pikambanana dia roa alina ariary na 20 000 Ariary.</p>
<p><b>Article 25 (nouveau)</b> : En application de l'article 398 de la loi sur les sociétés commerciales, les SARL dont le capital social est supérieur à vingt millions Ariary (20.000.000 Ariary) ou qui remplissent l'une des deux conditions suivantes :</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. 1. Chiffre d'affaires annuelles supérieur à 200.000.000 Ariary ;</li> <li>2. 2. Effectif permanent supérieur à 50 personnes sont tenues de désigner au moins un commissaire aux comptes.</li> </ol>	<p><b>And.25 (vaovao)</b> – Ho fampiharana ny andinininy faha-398 amin'ny lalana mifehy ny Fikambanam-barotra, ny Fikambanam-barotra iantsorohan'andraikitra voafetra izay manana renivolam-pikambanana mihoatra ny roapolo tapitrisa ariary na 20 000 000 Ariary na mahafeno ny iray amin'ireto fepetra roa manaraka ireto:</p> <ol style="list-style-type: none"> <li>1. 1. Vola kirakiraina isan-taona mihoatra ny roanjato tapitrisa ariary na 200 000 000 Ariary;</li> <li>2. 2. Isan'ny mpiasa maharitra mihoatra ny 50, dia tsy maintsy manendry mpanamarin-kaonty iray raha kely</li> </ol>

	indrindra
<p><b>Article 27 (nouveau) :</b> Le capital social de la société anonyme tel que prévu à l'article 409 de la loi sur les sociétés commerciales ne doit pas être inférieure à dix millions Ariary (10.000.000 Ariary) si la société comprend plusieurs associés. Il ne peut être inférieur à deux millions Ariary (2.000.000 Ar) si la société est unipersonnelle.</p> <p>Le montant nominal de l'action est de vingt mille Ariary (20.000 Ar).</p>	<p><b>And.27.</b> (vaovao) – Ny renivolam-pikambanan'ny fikambanam-barotra tsy anavahana anarana araka ny voalazan'ny andininy faha-409 ao amin'ny lalàna mifehy ny Fikambanam-barotra dia tsy tokony ho latsaky ny folo tapitrisa ariary na 10 000 000 Ariary raha to any fikambanana ka ahitana mpiombon'antoka maromaro. Tsy tokony ho latsaky ny roa tapitrisa ariary na 2 000 000 Ariary izy io raha to any fikambanana ka na-tanan'olon-tokana.</p> <p>Ny maribola isam-bentin'ny petrabola dia roa alina ariary na 20 000 Ariary.”</p>
<p><b>Art.2-</b> Le Ministre de l'Economie, des Finances et du Budget, le Ministre de l'Industrie, du Commerce et du Développement du Secteur Privé, le Garde des Sceaux, Ministre de la justice, chacun en ce qui leur concerne, sont chargés de l'exécution du présent Décret qui sera publié au Journal Officiel de la République.</p>	<p><b>And.2.-</b> Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanambola ary ny Tetibola, ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina, ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana, no miandraikitra, araka ny tandrifiny azy avy ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity izay havoaka ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika</p>
<p>Fait à Antananarivo le 22 Mars 2005</p> <p>LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT</p> <p>Jacques SYLLA</p> <p>Le Ministre de l'Economie, des Finances et du Budget</p> <p><b>Andriamparany Benjamin RADAVIDSON</b></p> <p>Le Ministre de l'Industrie, du Commerce et du Développement du Secteur Privé</p> <p><b>ANDRIANARISON Sahobisoa Olivier</b></p> <p>Le Garde des Sceaux, Ministre de la justice,</p> <p><b>RATSIHAROVALA Lala</b></p>	<p>Natao teto Antananarivo, ny 22 martsa 2005</p> <p>Avy amin'Ny PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA</p> <p>Jacques SYLLA</p> <p>Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanambola ary ny Tetibola</p> <p><b>Andriamparany Benjamin RADAVIDSON</b></p> <p>Ny Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina</p> <p><b>ANDRIANARISON Sahobisoa Olivier</b></p> <p>Ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana</p> <p><b>RATSIHAROVALA Lala</b></p>